



Sombintantara 2015

Fifaninanana nokarakarain'ny

Koloiko sy Hajaiko ny Teniko



**Koloiko sy Hajaiko
ny Teniko**

Copyright © 2015 **Koloiko sy Hajaiko ny Teniko**

Boky novokarin'ny vondrona **Koloiko sy Hajaiko ny Teniko**.

<http://www.koloiko.com/>

Tsy azo kitihina na ovana ireo soratra eo ambony eo ireo.

Natonta fanindroany: Septambra 2017.

Fanoroam-pejy

I Ireo Tantara Nifaninana	1
1 Ny Faniriako	3
2 Ny Fangataham-badin'i Zefa	5
3 Seho! . . . DRaparany	7
4 Mpanimba Zavatra	11
5 Teny Malagasy	13
6 Mbola Be	15
7 Lazarosy	17
8 Taiza? Ohatrinona?	19
9 Tany Am-pianarana	21
10 Zandary	23
11 Mpakatoa Be	25
II Vokatra Ofisialy	27

Teny Fampidirana

Hetsika tafiditra ao anatin'ny fankalazana ny fahadimy taonan'ny vondrona *Koloiko sy Hajaiko ny Teniko* ity fifaninanana sombin-tantara ity.

Lohahevitra

Tantara mahatsikaiky.

Mpitsara

- M'Umpy Ann
- Mainty Kely

Momba ny Boky

Misy fizarana roa ity boky ity. Ao amin'ny fizarana voalohany no misy ireo tantara nifaninana. Milahatra arakaraky ny nidirany tao amin'ny fifaninanana izy ireo. Ao amin'ny fizarana faharoa kosa no itaterana ny vokatry ôfisialy tamin'ny fifaninanana sy ny akon'ny fizarana ny loka ho an'ireo nahazo izany.

Fisaorana

Tsy tanteraka ity fifaninanana ity raha tsy nisy ny fanampiana sy fanohanana nataon'ireto olona manaraka ireto, koa dia aterina eto ny fisaorana azy ireo.

- Ny fikambanana *Arirarira* noho ny fanomezany ireo loka.
- Hary Razafy noho ny namoahany ity hetsika ity an-gazety.
- M'Umpy Ann noho ny nanekeny hanampy ahy hitsara ny fifaninanana.
- Misandratra Andriamiarisoa noho ny fanampiany teo amin'ny fikarakarana.
- Sophie Ravelomanatsoa noho ny nilazalazany ny momba ny fifaninanana tao amin'ny *Radio Madagasikara*.
- Ireo mpifaninana rehetra tsy an-kanavaka.
- Ireo rehetra nandray anjara tamin'ny fametrahana ny *tiako* tao amin'ny Facebook.
- Ny mpikambana rehetra ao amin'ny vondrona *Koloiko sy Hajaiko ny Teniko* (KHT).

Misaotra indrindra tompoko!

Antananarivo, Novambra 2015

Mainty Kely

Fizarana I

Ireo Tantara Nifaninana

Tononkalo 1

Ny Faniriako

Nosoratan'i Andrianarivelo Heriniaina Tiavina

Teny Ambatobevohoka izahay no nipetraka. Tanána teo amin'ny roapolo kilaometatra miala ny garan'i Soarano.

Nanontany tena aho indray andro hoe *ahoana ary no tsy mba mahaliana ny olona ny mijanona eto aminay e? Mba misakafo na miala hetaheta?* Tapa-kevitra aho fa hamorona toerana iray tsy mbola nisy nanana teto Madagasikara: hotely miavaka!

Raikitra! Mbola teo am-pieritreretana teo aho no injany fa reko feona ankizy nikorana tany ivelany tany.

“Valala e! valala e!” hoy ry zareo niantsoantso.

Nivoaka aho nijery ka indro hitako fa rakotra valala ny lanitra tety aminay. Takona hatramin'Ingahibe Masoandro. Nihazakazaka ny iray tanána nisambotra. Maro ny nanangona tamin'ny koveta, siĀt, na dabakely. Ny ahy kosa izay azoko dia nangoniko tao anaty gony. Asa raha hino ianao fa nahazo enina gony aho tamin'iny tapak'andro iny. Faly ny vahoaka fa niova tamin'ny nahazatra ny laoka saingy indrisy fa ny sisa tsy voasambotra tamin'ireto valala dia nihinana nandritry ny alina ny zava-maitso rehetra. Nitady hevitra ny fokonolona hamongorana ny valala. Tao ny nandoro tanety, ny sasany nanao dona-tsetroka, sy ny sisa sy ny sisa e!

Samy nanana ny nahasomokotra azy ny tsirairay fa ny ahy dia masaka tato an-tsaiko ny hananagana foto-drafitr'asa iray hampiavaka an'Ambatobevohoka. Tapaka ny hevitra fa nahoana moa aho no hitady izay tsy hita?

Ndeha ireto valala ireto no hetschina, hoy aho anakapo.

Nifoaha maraina be aho novelariko ilay jiafotsy fentina mively vary iny. Nararako teo ireto valala azoko. Natapy andro mba ho maina. Mandra-piandry ny fahamainan'ireo dia lasa aho nitety ny tanety nanangona ireo valala efa masaky setroka, matin'ny afo. Nahazo be dia be mihitsy aho, teo amin'ny folo daba teo ho eo.

Faly aho satria nahita hevitra nahafahako nanatanteraka ny nofinofiko. Tao anatin'ny roa herinandro dia tafatsangana ilay toerana fisakafanana vaovao teto Ambatobevohoka.

Nataoko hoe hotely *miavaka sy tsy manavaka* ny anarany. Niditra Ingahy Ben'ny Tanána.

“Inona avy ny laoka ao ry Tiavina?” hoy izy tamiko.

“Eny tompoko,” hoy aho namaly. “Misy valala ritra ao, dia misy valala saosy, misy valala sy angivy, mbola misy valala nendasina ihany koa? Inona no metimety aminao?”

“Ary misy ranom-boakazo ve?”

“Misy ihany koa ato e! Rano fisotro vita amin'ny ela-balala! Hanaovana ve ianao?”

“Resa-balala foana izy izany. Ataovy atody endasina ny laokako ry Tiavina fa toa tsy misy mety amiko a.”

“Eny tompoko!”

Satria moa fahaiza-manao mikarakara valala ity natsangako ity dia atodim-balala maromaro no nendasina nasiana voatabia sy tongolobe ho an'Ingahy Ben'ny Tanána.

“Ity ary ny laokanao tompoko,” hoy aho nandroso ilay atodim-balala. “Ity ihany koa ny rano hosotroinao.”

“Fa inona ity e?” hoy Ingahy Ben'ny Tanána. Gaga izy nahita ireo sakafo narosoko. “Ary tsy manitra ange izany ranon'apangonareo izany eh!”

“Atodim-balala natao saosy io miaraka amin'ny ranom-balala voapango-traka.”

Nitsangana Ingahy Ben'ny Tanána ary iny izy no lasa sady tsy niherika intsony. Tsy kivy aho satria vao nanomboka ny asa nataoko. Iny eny tazako fiarabe mpitondra mpan-deha ho any amin'ny faritra atsimo. Nidina ireto vahoaka, nibosesika niditra tato *mi-avaka sy tsy manavaka*. Andray ny fiosanosan'ireto vahoaka e! Izaho tamin'izany tena efa sasatra nikarakara ireo valala sy nandray ny vola avy tamin'ireto mpanambola. Faly aho, tena faly tsy nisy toy izany. Tapitra avokoa ny valala nokarakarainay iny andro voalohany iny. Nakatona ny tsena. Nanisa ireto vola betsaka azoko aho.

... enina arivo sy iray alina, ... telo alina, roanjato sy ...

Mbola teo am-panisana mihitsy aho no nahatsapa tãñnana nanindry ahy. Reko koa fa nisy nitabataba tany ho any.

“Tiavina a! Tiavina a! Ndao hilalao baolina e!” hoy ny feon'ankizy niantsoantso.

Nitsamboatra aho ary nianjera tamin'ny tany. Gaga aho tena gaga, hay tsy nanana hotely aho, nofiko ihany ny zava-drehetra.

Mbola ho avy ny andro, mbola halaza Ambatobevohoka.

Tononkalo 2

Ny Fangataham-badin'i Zefa

Nosoratan'i Andriarilala Mahasestry

Nipetraka lavitra ireo ray aman-dreniny i Zefa. Tany an-tany lavitra nonenany tany dia nahita vehivavy nahafinaritra azy izy. Tena raiki-pitia tokoa izy nefa dia tena tsy sahy namboraka izany fa nokoboniny mangina tao am-pony. Isaky ny alina dia nanonofy an'i Lisy hatrany izy. Tsy tanany intsony ny fihetseham-pony ka nambarany tamin'i Lalaina, ilay mpiara-manofa trano taminy.

“Lalaina a! Vonjeo leiroa a, vonjeo fa tena hipoaka izato foko!” hoy izy indray andro.

“Fa ahoana e?” hoy Lalaina nanontany. “Inona no azoko hanampiana anao ary e? Ianao efa ilazako foana fa tsory amin'i Lisy ny resaka. Mandehana mankany an-tranony avy hatrany na koa azonao atao koa anie ny manoratra taratasy e! Mila mihetsika rehefa tia. Izy ary izao mety tsy mahafantatra hoe misy fitiavanao azy.”

Tapa-kevitra ary i Zefa fa avy hatrany dia ho any ambovonana. Izany hoe tsy hanao sava ranon'ando hanoratra taratasy na hiresaka mialoha amin'ikala Lisy e!

Tonga teo am-baravarandry Lisy izy.

“Tahotahokatsaka zamparia e! Aiza ho ahy ny zanakareo a!” hoy i Zefa.

“Tahotahokatsaka zamparia e! Tsy omenay ny zanakay a!” namaly ny tao ao an-trano.

“Tahotahonkatsaka zamparia e! Moa ve misy vady ho an'i Zefa?” mbola nanohy ihany i Zefa, sady nibitabitaka.

Rehefa niandriandry elaela teo izy dia injany nisy feo reny indray.

“Tahotahonkatsaka zamparia e! Omenay vady i Zefa.”

“Tahotahonkatsaka zamparia e! Avoahy ny anjaran'i Zefa a!”

Nisokatra ny varavarambe, nidoboka tsy nisy ohatr'izany ny fon'i Zefa. Avy dia nandohalika toy ny fanaon'ny vazaha hangata-bady izy saingy tsy nitraka fa nahondriny ny lohany. Fehezam-bonikazo raozy mena nidorehitra no natolony ity olona izay tsy nojereny akory. Nanatona azy ity olona ary nandray ilay fehezam-boninkazo. Tsy mbola nitraka ihany i Zefa.

“Tianao ve, inoako fa ho sitrakao ny ho ampakariko ho vady?” hoy izy.

“Eny ry malalako,” nibitsika ny sofin'i Zefa ity *olon-tiany*.

“Etsy ary hofihiniko izato izy.”

Izay vao nitraka i Zefa. Akory ny hatairany. Toy ireny sosoana notapohan-drano ireny izy fa tsy i Lisy no olona nanoloana azy fa i Bebe Girty, renin'ny dadan'i Lisy. Nitsangana izy ary nirifatra lavitra dia lavitra, nanao tongotra an-katoka toy ireny olona tsy nanankaleha ireny.

Gaga i Lalaina nahita azy nihazakazaka be ka lasa nanenjika azy. Vizana sy lanaka i Zefa ka tsy lasa lavitra akory dia tratran'i Lalaina.

“Fa misy inona letsy Zefa no dia nirifatra toy ny omby tapa-kofehy ialahy?” hoy i Lalaina.

“Tsongoy aho leiroa, tsongoy aho e!”

“Eo ary, fa naninona?”

Notantarainy tamin'i Lalaina ny zava-nisy. Nitokelaka fatratra i Lalaina ka niteny hoe “aza mba zefa ihany leiroa ka!”

Tononkalo 3

Seho! . . . DRaparany

Nosoratan'i Anthonio Rafidimamitiana

Efa ora iray izao no vory niatrana teo an-tsenan' *Alakamisy Mitondra Mody* ny rehetra. Tsy ny tsena ihany no alakamisy fa na ilay andro koa aza. Araka izany anarany izany dia tsy nisy olona nivoaka tao ka tsy nitondra mody. Eny, na tsy nanam-bola namidy aza, dia nivimbina hehy ihany rehefa namindra ny tongony teo an-tokonam-baravaran'ny tokatranony.

Atin-dahy nitondra taona sahabo hanasasaka ny taonjato iray no mpizara izany hehy izany. Lehilahy miramiran'endrika lalandava. Raparany io. Eo tokoa no lahasany isaky ny alakamisy, efa ho roapolo taona latsaka izay. Raha mpitantsoratra dia hoe efa ampy traikefa, raha mpitsongo dia dia hoe efa zatra ady. Hatsikana misary ankamantatra sy kalon'ny fahiny no ampinga nentiny nanatanteraka izany. Iza tokoa no tsy sondriana sy tsy tolagaga tamin'ny talentan-dRaparany, raha mbola tao Alakamisy Mitondra Mody?

Indray andro, efa nihanafana Ingahibe Masoandro fa mbola tsy nipoitra ihany Ingahy Raparany. Gaga ny rehetra fa tsy fanaony ny tahaka izao. "Narary angamba izy," hoy ny sasany. "Mety lasa namangy ny rahalahiny indray," hoy ny hafa. "Hangina izany ny tsena anio," hoy ny ankamaroan'ny rehetra. Nanomboka niravadravana ny rehetra fa tsy tonga ilay mpanala sorisory ny malahelo, mpampiala voly ny tsy manan-kandanian'andro.

Fotoana fohy toa mitono valala nanombohan'ny firavan'olona no injany nisy feo ni-antsoantso. Feo nanatona ireo olona maro izay vory niandry an-dRaparany.

"Vonjeo e! Vonjeo e!" hoy ilay antsoantso.

Hatairana tsy nisy ohatr'izany ny an'ny rehetra. Tapitra niparitaka namonjy izay azony niafenana ny tsirairay. Indro tazana nipoitra tery alavitra tery olona nanana endrika sy fitafy niavaka. Toa tovoavavy mpilatro izany ny famindrany. Ny tanany ilany mitehinkiho. Ny lohany nitraka. Ny molony nikombona. Talanjona tsy nahaloha-peo ny rehetra nitazana ity olona namakivaky azy ireo.

Raparany io.

Tokelaka ny an'izay tonga dia nahafantatra. Eny fa na dia ny banga aza mba tsy

nahakombo-bava. Ny jamba koa moa mba latsa-pihomehezana raha vao nahare ny mandidina tapaky ny hehy.

Nosantariny tamin'ny fiteny toa niendri-tononkalo miady rima izany ny fampisehoany. Tahaka ny fidinan'ny rano namakivaky ny ala ny fitenenany izany, araky ny fiteni-jatovo hoe *mandeha ho azy*.

“Raparany amin'ny endriny vaovao no hiseho aminao ka hampiseho anao anio, ka izao no tsarovy ary koa tadidio,” hoy izy niedinedina. “Izany ny sipa¹ tena sariaka jereo ange! Ny volo boriara ny nify fotsiana ka manja be! Izany sa tsy izany e?” nanontaniny tamin'ny feo mafy ireo olona nandositra.

Saika tsy nino ny sasany hoe Raparany tokoa io raha tsy nanantomotra teo akaikiny. Ilay hasorana teo lasa niofo ho fihomehezana. Niova endrika tokoa Ingahirainy. Niova toa mademozely. Ilay volo lava nifatotra tao an-katoka notapahina. Ilay molotra maina lalandavan'ny hatsiaka iny zary toa mandina, nohosorana loko mena. Ny faladia vakivaky moa nikiraroana irony kiraron'ny zatovovavy maranin-doha irony. Ny fitafy tamin'izany manginy fotsiny. Ny ambany pataloha nanara-batana, ny ambony irony akanjo fentina mianjaika irony. Izany ka hoe vavy lahy e! Raha avy lavitra no tiliana dia hoe tovo-vavin'Iarivo ery Raparany. Ka ilay hoe Ingahy Raparany, niova ho *Mademozely Raparany* noho izato fihetsiny.

Horakoraka narahina lamako nirefodrefotra no nasetrin'olona izany. Toa aloka niserana ho an'ny rehetra ihany ilay nahataraiky azy teo. Angamba mety ny fiomanany tamin'ireny fitafiny ireny no nampihemotra kely ny sehony androany.

Tsy niandry ela Raparany. Tsy toy ny nahazatra ny fampisehoany tamin'ity indray alakamisy ity. Sarisary fangoizan'olona² no nataony. Lahy antitra iray nanatrika teo no avy hatrany dia natonony.

“Ahoana ialahy? Elaela ange ialahy izany no tsy hita e! Andao lesy mba hiaraka a!” hoy mademozely Raparany tamin'ny feo miangoty tamin'ity lahy antitra iray ity. Tarehy mivoara-mena rakotry ny henatra no nisoritra tamin'ilay rangahy, izay toa nitady lalana nivoahana. Tetsy andaniny dia tsy nihontsona i mademozely Raparany, izay namadika ny fomba fanao fa dia ny vavy indray no namaky lay nitory fitiavana.

“Mba tianao tahaka ny inona moa izy io?” hoy ny antsoantson'ny mpanatrika.

“I Mademozely Raparany aloha dia tia azy tahaka ny siny e! Izany hoe tsy mana-po afa tsy ny rano ihany e! Tiako ianao malala. Andao aho mba hangataho amin'ireo ray aman-dreniko. Etsy ange horoako ialahy e!” sady nanolotra ny molony izy.

Raha hehy tsy nahitana fijanonana izany ho an'ny mpanatrika, dia henatra kosa ho an'ilay rangahy. Asa anefa fa nahita hevitra tampoka teo ingahirainy. Nody nisary adala toa tapaky ny hehy ireny izy. Nody niseho nahafantatra an'i Mademozely Raparany tampoka teo.

“Manao ahoana lesy ialahy!” hoy ilay rangahy. “Elaela tokoa isika izay malala no tsy nifankahita a! Eo lesy mba omeo vola kely any aloha fa tena mosarena ny malalan'ialahy.

¹Sipa: fanafohizana ny teny hoe sila-panahy; sakaiza tiana mety ho lahy na vavy; tovo-vavy na zatovo-vavy.

²Fangoizana (tenin-jatovo): fikaotiana sipa ; fiantsoana na fanababoana ara-pitiavana.

Raha manome ahy ela, dia omeko oroka mamy be.” Niaraka tamin’izay dia nosakambininy i Mademozely Raparany. Noraisiny dia natohony teo amin’ny molony ny tanan’ny Mademozely Raparany. Tsy izany ihany fa mody natopiny teny amin’ny fanidy patalohan’ny Mademozely Raparany ny masonry.

“Milay lesy izany lokon’ny tako-kenatr’ialahy³ izany an!” sady nosintonin’ily rangahy niakatra ilay izy ho hitan’ny mpanatrika.

Loza ity marina, fa sendra ny nahay ahy âĀĶty izaho! hoy Mademozely Raparany anakampo.

Hehy, tsiky, vanitika, ireo no nisoritra teny amin’ny tavan’ny mpanatrika nahita azy roalahy, izay toa niaraka nanao famerenana niaraka izany. Nivadika tampoka teo ny rasa fa ilay natao hojerena no lasa nojerena. Gina tsy nahaloha-peo tampoka i Mademozely Raparany. Ny hany nataony dia nody nampiseho teny fahasahiana, toa nisavoaravoara tao an-delany. Namarana ny fampisehoany.

“Misaotra tampok’ialahy mankasitraka tompon’ny vavy,” hoy izy.

Toa masa-bary, maito kitoza kosa izany ho an’ily rangahy, ny vola niditra, ny seho vita.

³Tako-kenatra: silipo.

Tononkalo 4

Mpanimba Zavatra

Nosoratan'i Haingotiana Hoby

“Aleo izaho no hiditra mialoha e!” hoy Raboana tamin'ity fofombadiny.

“Ndao e!” namaly i Faniry fofombadiny sady somary nihataka kely izy nanome lalana.

“Fa mahafinaritra be mihitsy ny mahita ireny mpifankatia eny rehetra eny ireny an!”

“Inona izao no idiran'izany amin'ny fidirako mialoha? Io indray ianao fa mahita lazaina foana.”

“Tsy hitanao ve? Rehefa miditra any amin'ireny birao isan-karazany ireny dia ny lehilahy no manokatra varavarana dia ny vehivavy no miditra aloha. Na koa rehefa hiditra ao anaty fiara dia ny lehilahy no manokatra ny varavarana dia miditra ny vehivavy dia ny lehilahy koa no manidy ny varavarana!”

“Dia maninona izao izany?”

“Izany koa ve dia tsy azonao sa ianao mody adala e?” niaka-peo i Faniry sady somary tezitra sy nasiaka fijery.

Takatr'i Raboana tsara ny tiany hahatongavana saingy nody adala tokoa izy. Nahafinaritra azy mantsy ny nisangisangy tamin'ity olon-tiany. “Oadray! Fa inona anefa izao no mampimenomenonana anao amin'izany?” hoy izy tsy taitra. “Mazava be ny anton'izany e! Ny vehivavy mpanimba zavatra dia tsy maintsy ny lehilahy no manokatra na ny varavarana isan-karazany.”

“Ka maninona anefa no izaho foanafoana no manokatra ny varavarantsika nefa ianao no misisika hiditra voalohany?” mbola niaka-peo ihany i Faniry.

“Ny varavarantsika tsinona efa simba ka,” nitsiky i Rabaona. “Ny lehilahy no lohan'ny vavy!”

Tononkalo 5

Teny Malagasy

Nosoratan'i Rafalinirina JÃrÃmie

Tena mpandala ny teny Malagasy i Zozefina. Sorena ery izy raha vao misy miteny vahiny ny namany. Miezaka hatrany izy mitady voambolana Malagasy.

Ririnina ny andro tamin'izay. Nihetsika ny areti-nifin-dreniny ka niantso azy mba ho hirahina hividy fanafody eny amin'ny mpivarotra izany.

“Mandehana retsy hividiano ody nify aho fa tena mijaly,” hoy ny reniny.

“Eny ary ry Neny a, aiza any vola?”

Rehefa azon'i Zozefina ny vola dia nihazakazaka ho eny amin'ny fivarotam-panafody izy. Rehefa tonga tao anefa dia tsy tsaroany ny anaran'ilay fanafody ka voatery niverina nody izy nanontany an-dreniny.

“Misy nify ririnina ve?” hoy izy rehefa tafaverina tao amin'ny fivarotam-panafody.

“Fa inona izany ry ikalakely?” nanontany azy ilay mpivarotra.

“Fanafody nify amin'izao ririnina izao izany. Fa ianareo ve tsy mpivarotra fanafody e?”

“Tsy mivarotra nify izahay ry ise ah! Mila mitady mpanao solonify ise raha nify ririnina no tadiavin'ise.”

Nihazakazaka nody izy. Nalahelo fatratra ny reniny satria tsy nitondra fanafody i Zozefina.

“Tena indrisy izany ianao tsy nahita ny fanafody izany,” hoy ny reniny.

“Ka na izaho koa aza anie gaga e! Aiza no hisy olona hivarotra nify izany fa fanka-toavako anareo dia nandeha ihany aho.”

“F'angaha moa izao nampividy nify anao e!” gaga koa ny reniny. “‘Nifluril’ no nasaiko novidianao.”

“Avereno kely hoe izato izy ry neny?”

“‘Nifluril’ ody nify e, fa nahoana re?”

“Niiiiiffffllllllll...”

“F’angaha tsy nolazainao ilay mpivarotra ny fanafodiko e? Maty aho ry lanitra fa tena efa ho adala ity zanako. Marina fa ilaina ny mandala ny tenintsika anaka saingy maro ireo teny izay tsy afaka ny ho adika amin’ny teny Malagasy. Toy ny anara-panafody ireny izany. Fa inona izato nolazainao tany anaka?”

“*Nify ririnina* no nanontaniako dia tsy misy hoy ilay mpivarotra. Hay moa ka tsy azo hagasiana fahatany ny teny rehetra!”

Dia izay i Zozefine vao niverina tany amin’ny mpivarotra fanafody ka dia nisy soa soa aman-tsara ilay “Nifluril.”

Tononkalo 6

Mbola Be

Nosoratan'i Rakotomalala Tahina

Tovolahy mbola tanora i Mbola. Tsy dia naditra loatra toy ny tovolahy sasantsasany mitovy taona aminy izy. Somary nofosana sady lava i Mbola hany ka nanjary fiantso azy ny hoe *Mbola Be*.

Tsy nazoto mankany am-piangonana mihitsy izy fa dia niandry ny Krisimasy na ny paska ihany. Tamin'ity alahady indray mandeha ity anefa dia asa izay mba nampazoto an'i Mbola Be fa hoy izy tamin-dreniny, “Handeha hivavaka aho ry I neny a!”

Hafaliana ny an'i reniny ka dia tsy nanakana fa vao maika aza namporisika azy.

Tonga tao am-piangonana, nifanesy ireo fandaharana rehetra, tonga amin'ny fotoanan'ny toriteny izao. Votoatin'ny toritenin'i Pasitera ny faharatsiana izay manjaka amin'izao fotoana izao. Nanomboka ny toriteny.

“...mbola be ny mpanao ratsy, mbola be ny mpangalatra, mbola be ny mpangalabadin'olona (sady toa i Mbola be ihany no jeren'i pasitera), mbola be no mpijangajanga...”

Nitsangana tampoka i Mbola be ary natondrony an'i pasitera ny fanondrony toy ireny nampitandrina ireny. Lasa izy nirintona nivoaka sady niteny mafy hoe, “fa tratrano nanao izany rehetra izany angaha aho no dia sambany aho no tonga ato androany dia izaho no resahinao amin'izay koa endrinkendreanao!”

Tsy nivavaka intsony i Mbola be na dia ny Krisimasy sy ny Paska aza.

Tononkalo 7

Lazarosy

Nosoratan'i Andrianantenaina Tafita Steve

I Lita dia tovolahy iray mpankafy mihira. Anisan'ny ankafiziny ilay hira nitondra ny lohateny hoe Zakaiosy. Sendra nandalo teo an-tokontanindrizaro i Pasitora ka nandre azy nihira hoe “Nisy lehilahy iray tena fohy dia fohy tokoa...”

“Ary hay ve i Lita ity mahay mihira be toy izany e!” hoy izy gaga. “Vita ho azy ny toriteny raha izany sady voarotsirotsy ny sofin'izay mandre ny hira no mahazo lesona hitondrana ny fiainana ho avy koa amin'ny tonony.”

“Tena ankafiziko mihitsy iny hira iny pasitora ah! Manambara mantsy izy iny hoe na dia efa mpanota be aza dia mbola afaka mandray foana i Jesoa. Dia miova ny fiainana rehefa mandray an'i Jesoa.”

“Tena mahay mitory teny ise. Aleo omena an'ise ny fampaherezana amin'ny Alahady hariva.”

“Raikitra ary e!”

Tonga ny alahady, vonona i Lita.

“Lita a! vonona ve ise?” nanontany azy i Pasitora.

“Eny tompoko!” hoy ny famalin'i Lita.

“Ka izao an, ny tantaran'i Lazarosy no ataon'ise androany.”

Somary niahotra kely i Lita, kanefa nanaiky ihany iny izy nony avy eo.

“Nandalo ny tanánan'i Jeriko Jesoa Tompo indray andro...” hoy izy nanomboka ny toriteniny.

Nibitsika mora taminy i pasitora. “Tsy i Zakaiosy fa i Lazarosy an!”

“...Jesoa moa dia tia olona ka tiany na dia i Lazarosy ilay lehilahy tena fohy dia fohy tokoa aza.”

Nibitsika taminy indray i Pasitora. “I Lazarosy tsy fohy ry Lita a!”

“Nandehandeha nanao soa i Jesoa Kristy ary nitory teny tamin'ny olona rehetra izay nanantona azy. Mba te hahita azy mafy i Lazarosy ka indro izy nahita aviavy hazo nidoroboka avo dia avo, dia nanomboka nihanika izy ary nahazo toerana teo amin'ny

sampany iray mafimafy.”

Efa nanomboka nitokiky ny mpivavaka rehetra. I Pasitora tamin’izany tsy sasatra ny nibitsika tamin’i Lita tao aorianany tao. “Lazarosy resahana!”

Notohizan’i Lita hatrany ny toriteniny. “Rehefa nandalo teto ambanin’ny aviavy Jesoa Kristy dia nitraka raha nahita an’i Lazarosy teo ambony aviavy ka hoy indrindra izy tamin’izay: “Ry Lazarosy midina faingana fa i Zakaiosy no tokony hianika eny fa tsy ianao!”

Tsy nahay afatsy ny tantaran’i Zakaiosy i Lita.

Tononkalo 8

Taiza? Ohatrinona?

Nosoratan'i Ramanantoanina Olitiana Jacia

Mpinamana hatramin'ny fahakeliny i Vola sy i Fitiavana. Tsy nitovy anefa ny toetran'izy ireo fa i Vola dia tsy nampiasa saina mihitsy fa fatra mpaka tahaka izay rehetra ataon'i Fitiavana. I Fitiavana dia tena tia karokaroka. Matetika dia nahita zava-baovao foana izy izay tena nampitolagaga an'i Vola hatrany.

“Neny a! Neny a!” hoy i Vola indray andro.

“Misy inona indray e!” hoy ny reniny.

“Mandalo ao ilay mpivarotra koba vao mafana, mividiana fa nivity ry Fitiavana! Izany moa neny e!”

“Ity ny vola, âĀĽndehana mivity!”

Indray andro indray, dia nahazo akanjo tohitena vaovao i Fitiavana fa afaka fanadinana. “Aiza no misy ohatr'ity, dia ohatrinona?” Izany hatrany no fanontaniana apetrak'i Vola amin'i Fitiavana. Mitady ny fomba rehetra izy mianakavy mba ahazoany izay ilainy. Faly ery i Vola rehefa miteny ny reniny hoe “Inty ny vola , âĀĽndehana mivity!”

Nihanandroso ny taona, nihalehibe izy roa vavy. Tsy dia tafaraka matetika intsony nefa dia tsy maintsy hitan'i Vola hatrany ny hevitra ahitana ny zava-baovao hananan'i Fitiavana.

Indray andro raha tafahaona teny antsena izy roa, niresadresaka teo dia injany naneno avy ao anatin'ny poketran' i Fitiavana ny finday.

“Hay ve indriko efa manana finday koa eh! Izaho io zao vao hivity mihitsy amin'ny herinandro ambony! Fa taiza akia indry no nivity an'ity? Dia ohatrinona?”

Teo am-pijerena ilay finday izy dia sady nisaina hoe tsy maintsy mahazo toy ity aho. Natao ny fomba rehetra, dia nahazo indray e!

Tamin'ny fankalazana ny tsingerintaona nahaterahan'i Fitiavana dia hitan'i Vola fa nanana irony fakantsary misy fahitalavitra kely ireny izy.

“Fa taiza indriko no nivity ity? dia ohatrinona akia?” hoy indray i Vola.

Tsy gaga intsony tamin'ny toetran'i Vola i Fitiavana ka dia nitsiky fotsiny hatrany

isak'izay mandre ny hoe “Fa taiza akia ity no novidiana? Dia ohatrinona?”

Namidy Isadakely dia hoy ny renin' Vola taminy, “Iny ny vola, âĀĤndehana mividy.”

Tsingerintaonan'i Vola indray andro. Injany reny, feona kodiaran-droa misy motera, nivoaka teo antokontany izy. Akory ny hatairany fa i Fitiavana no mitaingina izany.

“Hay tonga ihany?” hoy indray i Vola. “Ary tena mitovy eritreritra mihitsy isika roa an! Vao hividy toy ity mihitsy aho amin'ny herinandro ambony! Fa taiza akia ity no novidiana? Dia ohatrinona?”

Nataony ny fomba rehetra ahazoana izay rehetra nananan'i Fitiavana. Nisy fotoana aza dia notereny mihitsy ireo ray aman-dreniny hitrosa mba ahafahany mandre ilay hoe “Inty ny vola, âĀĤndehana mividy!”

Elaela tsy nihaona izy roa vavy. Indray maraina dia nahatazana olon-droa tamy manatona ny vavahady i Vola. Tsy iza ireto fa i Fitiavana sy tovolahy tsara tarehy iray.

Nitsena azy ireo teo ambavahady izy sady niarahaba azy roa.

“Manao ahoana akia, tena ela izany tsy nihaonana. Inona ny vaovao? Mandrosoa aloha e!”

“Tena ela tokoa, fa izy aloha no i Solo e! Olontiako, izany hoe fofombadiko e!”

“Miarahaba anao ramatoakely Vola,” hoy ilay tovolahy.

“Hay, miarahaba anao dia faly mahafantatra! Tongaso ianareo dia mipetrapetraha fa hiantso an'ineny aho.”

Nangitakitaka fatratra i Vola. Nihazakazaka izy sady niantsoantso avy aty andalantsara.

“Neny a, Neny a, tonga ato i Fitiavana ilay namako!”

Ny reniny vao naheno fa ao i Fitiavana dia efa naka ny poketra misy ny volany ka raha vao hiditra tao an'efitra fotsiny i Vola dia hoy izy: “Inty misy vola, âĀĤndehana mividy.”

Niara-nihomehy izy mianaka satria tamin'ity indray mitoraka ity dia tsy afaka ho vidiana eny an-tsenakely ilay zava-baovao nananan'i Fitiavana.

Tononkalo 9

Tany Am-pianarana

Nosoratan'i Andriamalala Tianarivo

Matetika dia nifindrafindra toerana ireny mpampianatra amin'ny sekolim-panjakana ireny. Nisy ny avy aty an-drenivohitra no lasa tany ambanivohitra na tany amin'ny faritany. Ny faritra rehetra anefa dia samy nanana ny fomba fiteniny avy. Nisy ireo tenim-paritra ary matetika dia sarotra ny namantatra ny teny voambara raha tsy nihaino sy nanadihady tsara.

Tonga nampianatra tetsy Andranomanalina i Ramose Zama. Avy any amin'ny faritany izy ka dia nirokiroky fatratra. Noho izany dia sarotra ho an'ny mpianatra ny namantatra ny teny sasantsasany izay lazainy.

Araka ny fanao rehefa nanomboka ny taom-pianarana dia nifankafantatra ny mpianatra sy ny mpampianatra.

Nampahafantatra ny tenany tamin'ireo mpianatra ary i ramose Zama. "AÃšareo in-dray zao rankizy," hoy izy.

Dia samy nifandimby nandroso teo aloha avokoa ny ankizy rehetra. Nilaza ny anarany, ny taonany, ny anaran'ny ray aman-dreny, ny toeram-ponenany ary ny asa atao rehefa lehibe ny ankizy izay tonga teny aloha.

Rehefa tonga teo amin'ny anjaran'Ikoto dia nanjary nametraka fanontaniana Ramose satria hadinon'Ikoto ny nilaza ny anaran'ny ray aman-dreniny.

"Iza no anaran'ny renin'Ikoto? Dia inona ny asany?" hoy Ramose.

"Mariety ny fiantsoana azy Ramose, ary mpanjaitra izy."

"Hay kosa! Ary iza no anaran'ny baban'Ikoto?"

"Izahay ramose tsy manana babakoto."

"Ny anaran'ny rainao ange no anontaniako amin'izany ry Ikoto e!"

Taitra IKoto, nirintona nivoaka tany antokontany tao anatin'ny hehy nitalakotrokotroka nataon'ireo namany mpiara-mianatra.

Hoy ny olona sendra nifanena tamin'Ikoto teny an-dÃšlana, "Fa inona ity mahazo anao ry Ikoto a!"

“Lazain’ily ramose vaovao fa babakoto ny dadanay e!”

Tononkalo 10

Zandary

Nosoratan'i Farasoa Tsiatosika Marie Claudine

Mpinamana hatramin'ny fahakeliny i Naivo, i Beza ary ZanbÃ. Tsy nifankafofy izy ireo ary matetika dia niaraka foana n'aiza n'aiza.

Nandeha teny ny fotoana, samy nandeha niakatra ho any an-drenivohitra hianatra, sy hiasa. Tsy hadinon'izy ireo anefa ny nifanao fotoana isaky ny faran'ny herinandro mba niara nisotroso toaka sy niresadresaka tao amin'ilay alakely teo akaikin'ny tranon'i ZanbÃ.

Taty aoriana dia nanjary nitatra ny fanaranam-po ka tsy nijanona tamin'ny fisotroana toaka fa sady nanampy rongony tao anatin'ny sigara izay nipololoatra setroka.

Tamin'ity indray mandeha ity dia sady nanao daomy, nisotro toaka ary nampiana ilay sigara manokana. Efa somary harivariva ny andro tamin'izay, saika efa mamomamo avokoa izy telo lahy ka tapa-kevitra ny hody. I ZanbÃ moa dia miaramila ka mazava ho azy fa mbola teny aminy ny fitafiany. Nitsangana kely izy nandeha nivalandrano tsy dia lavitra teo. Rehefa niverina izy dia akory ny hatairan'ireto namany, i Naivo sy Beza, efa domelina, nahatazana azy tamy. Avy dia nitsoaka toy ny tsy teo sady niantsoantso izy ireo hoe: "Zandary! Zandary!"

Vao nahita ireto namany nitsoaka nandositra sy niantsoantso Zandary i ZanbÃ dia iny ihany koa izy no nirifatra nanenjika ireto namany. Tsy fantany fa izy hay no nandosiran'ireto namany e! Izy nihevitra fa nisy zandary tao aoriany tao.

Ireto namany izay tsy mbola tonga saina fa i ZanbÃ ange ity nanaraka azy ireo ity dia vao maika nanao tongotra an-katoka nahita fa io akaiky aoriana io misy nanenjika ary nihevitra izy fa zandary io.

Rehefa hitan' i Naivo sy Beza fa tena tsy ho vitan'izy roa lahy intsony ny hiazakazaka hanohy dia nifanaraka izy roa lahy ny hijanona ka hibaboka fa nifoka zava-mahadomelina. Nijanona I Beza sy i Naivo ary avy hatrany dia nananga-tÃnana, nandohalika ary niankohoka sady niara-niteny hoe: "Mifona zandary ah! Mifona eh!"

Raha mbola sempotsepotra be ihany izy roa lahy indro ZanbÃ sady lokilokin'ny hehy

no mody niherikerika no niteny hoe: “O ry zalahy a! Fa aiza ary zao zay zandary eo e?”.

Nitraka tokoa i Beza sy i Naivo, nifampijery, nijery ity nanoloana azy ireo, niaranitokelaka mafy dia mafy.

“Hay moa ialahy ihany kay no manao sangy ratsy an! Izaho izao efa nangovitra fa higadra,” hoy i Naivo.

Dia nisava ny hamamoana, toy ny tsy nisotro, tsy sahy nanampy intsony fa ny lÃlana mody no nasiana olona.

Tononkalo 11

Mpakatoa Be

Nosoratan'i Tahianjanahary Claudette

Nifampiresaka ny mpampiasa sy mpiasa iray avy any Ambanivohitra raha vao tonga tao an-tanan-dehibe.

“Jaona a! Avia kely ange ianao e,” hoy ilay mpampiasa.

“Eny tompoko, ahoana izay madama?” namaly i Jaona mpiasa.

“Andehana mividy vary iray kitapo amin'ilay 50 kg ise, inty ny vola. Dia mba fidio izay tsara e!”

“Eny Tompoko! Lasa aho izany.”

Afaka fotoana elaela taty aoriana dia mbola tsy tonga ihany i Jaona. Nanomboka lasa eritreritra ilay mpampiasa.

“Aiza ihany ary no nalehan'i Jaona fa hatramin'izao mbola tsy tonga ihany,” niteny irery ilay mpampiasa. “Aza hitako ka . . . maty aho marina.”

Nony kelikely dia nandre feon'olona nanidy varavarana izy.

“Hay tonga?” hoy ilay madama mpampiasa miramirana. Niova tampoka teo anefa ny endriny satria gaga izy fa harona no teny an-tanan'i Jaona fa tsy gonim-bary 50 kg. “Ary . . . aiza zay nentina nefa dia efa ela be tany? F'angaha vary amin'ny harona no nasaiko novidinao?”

“Tsy zakako indray mitondra ilay izy dia niverimberenako madama a! Ity izao no faran'ny entako.”

“Ianao efa nilazako fa rehefa miantseña toy ireny dia mila mitondra borety. Eny e! Amin'ny manaraka mankatoava fa izao isika lasa very fotoana fotsiny.”

“Eny tompoko:”

Andro vitsivitsy taty aoriana.

“O ry Jaona a! Avia kely aloha e!”

“Eny tompoko o! Ity efa tamy ity aho e!”

“Ndehana r'ise mividy fanjaitra fa tena tapaka ilay antsika tato a! Haing'ana ise fa maika aho.”

“Eny tompoko.”

Nony afaka elaela, gagagaga indray ilay mpampiasa fa tsy mbola tonga ihany i Jaona.”

“Fa nankaiza indray ary ilay Jaona iny,” hoy izy. “Aleo hoe ho jereko etsy ambar-avarankely fa tena ela be.”

Indro tazany i Jaona mihodikodina eraky ny tokotany, toa nilalao, toa nitady zavatra.

“E! Jaona a! Fa inona ity ataonao e? Aiza ny zavatra novidianao? Toa ilaozanao milalao fotsiny re e! Ary inona ty tadiavinao e!”

“Tsy milalao aho madama fa mitady ilay fanjaitra a!”

“F’angaha mitady no asaiko ataonao e! Mividy atsy antsenakely atsy.”

“Ka efa nividy aho fa . . .” namaly niakanakana i Jaona.

“Aiza ary? Ento aty.”

“Tsy hitako ilay izy fa nihazakazaka be aho nitondra azy tamin’ny borety dia angamba nipitika ilay izy dia izay no tadiaviko eto!”

Toran’ny hehy ilay madama mpampiasa. “Fa ise ity ve efa very saina e? Fanjaitra ve dia mila entin’ise amin’ny borety?”

Azonao avy hatrany angamba ny tantara e? Ilaina ny mankatoa fa tsy mankatoa fahatany.

Fizarana II

Vokatra Ofisialy

Tabilao 11.1: Vokatra ôfisialy tamin'ny fifaninanana sombin-tantara

LAH.	MPANORATRA	TANTARA	ISA
1	Andrianarivelo Heriniaina Tiavina	Ny Faniriako	46
2	Haingotiana Hoby	Mpanimba Zavatra	45
3	Anthony Rafidimamitiana	Seho!... DRaparany	44
4	Rakotomalala Tahina	Mbola Be	42
5	Rafalinitina JÃrÃmie	Teny Malagasy	41
6	Andriarilala Mahasetry	Ny Fangataham-badin'i Zefa	36

Ny lisitra eo amin'ny Tabilao 11.1 no maneho ny vokatra ôfisialy tamin'ilay fifaninanana. Eo amin'ny Sary 11.1 kosa no ahitantsika ireo mpifaninana roa voalohany miaraka amin'ireo mpampianatra ao amin'ny sekoly La Shekinah.

Fomba Nitsarana ny Fifaninanana

Nisy dingana roa ny fitsarana ny lalao. Ny mpamaky no tena nandray anjara betsaka tamin'ny dingana voalohany tamin'ny alalan'ny fametrahana ny “tiako” tao amin'ny Facebook. Izahay mpitsara kosa no nanome ny isa tamin'ny dingana faharoa, ka ireo hitantsika eo amin'ny Tabilao 11.1 ireo ny isa azon'ireo mpifaninana tafakatra. Ireto ny fepetra nanomezana ny isa:

- nomena isa amin'ny ankapobeny 1-10 ny tsipelina,
- nomena isa amin'ny ankapobeny 1-20 ny hakanton'ny asa soratra.

Fanamarihana Ankapobe

Marihina fa saika ankizy mpianatra daholo ny mpandray anjara tamin'ity fifaninanana ity. Tsapa arak'izany fa liana amin'ny fanoratana ny zatovo Malagasy ka tokony atosika sy amporisihina amin'io sehatra io. Maro anefa ny ezaka tsy maintsy atao satria dia betsaka tokoa ny tokony ahitsy sy hatsaraina eo amin'ny fomba fanoratr'ireo mpandray anjara amin'ny ankapobeny. Mila manao ezaka mafy ihany koa ny tsirairay eo amin'ny resaka tsipelina, indrindra indrindra fa eo amin'ny fampiasana ny mari-piatoana isan-karazany toy ny teboka, faingo, baraingo, sns.

Hita taratra tamin'ny fomba fanoratr'ireo mpandray anjara koa fa tsy ampy be dia be ny famakiana boky eo amin'izy ireo. Koa entanina isika mpanabe azy ireo mba hamporisika azy hamaky boky satria arakaraky ny hamakiana boky isan-karazany no tena hahaizana manoratra tsara.

Noho ireo antony ireo ary dia nieritreritra izahay mpikarakara fa hanao fampianarana manokana momba ny resaka fanoratana mba hahafahan'ny rehetra maka torohevitra sy mifampizara ny traikefa izay ananany. Ny tanjona dia mba hampiakatra avoavo kokoa ny kalitaon'ny soratra amin'ny fifaninanana manaraka.



Sary 11.1: Hoby (eo an-kavia) sy Tiavina, hotronin'izy mivady tompon'andraikitriny ny sekoly La Shekinah.

Ireo Tantara Raraka Tamin'ny Dingana Voalohany

Mba ho famporisihana ireo nandray anjara, dia nampidirina tato anatin'ity boky ity daholo ireo tantara nifaninana rehetra eny fa na dia ireo raraka tamin'ny dingana voalohany aza.

Momba ny Loka

Ny fikambanana *Arirarira* no nanohana ity hetsika ity. Loka isan-karazany no nomanindry zareo ka dia averina eto ny fisaorana mitafotafo ho azy ireo. Koa satria moa mpianatra eny amin'ny sekoly *La Shekinah* eny Ambatofotsy ny ankamaroan'ireo mpandray anjara koa dia nandeha nitsidika azy ireo teny izahay mpikarakara nizara ireo loka. Ao amin'ny tranokalan'ny vondrona KHT no ahitanareo ireo sary maromaro nalaina nandritra ny fotoana nandehananay teny.

Radio Madagasikara

Nisy resadresaka fohy mikasika ity fifaninanana ity nandritra ny fandaharana *Tantarao hoe* tao amin'ny Radio Madagasikara tamin'ny 25 jona 2015. Koa averina eto koa ny fisaorana an-dRamatoa Sophie Ravelomanantsoa tompon'andraikitr'izany fandaharana izany. Marihina moa fa mpikambana ao amin'ny *Fikambanan'ny Mpihaino sy Mpakafy Sombintantara* (FMMS) i Anthonio Rafidimamitiana izay nahazo ny loka fahatelo tamin'ity

fifaninanana ity. Azonareo henoina ao amin'ny tranokalan'ny vondrona KHT koa ny horonam-peo mikasika izany.

Teny Famaranana

Izay aloha no vita tamin'ity andiana fifaninanana ity ka dia ataovy toy ny mihinana voankazo an'ala ka ny mamy atelomy fa ny mangidy aloavy!

Arahabaina manokana i **Tavina, Hoby**, ary **Antonio** nahazo ny laharana telo voalohany. Raha te hahalala bebe kokoa momba ilay fifaninanana ianao dia tsidiho ny tranokalan'ny KHT, na midira ho mpikambana ao amin'ny vondrona Facebook Koloiko sy Hajaiko ny Teniko.

Amin'ny manaraka indray manao tsaratsara kokoa!

